Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7824 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 18 martsa 2024

AVY NAMITA IRAKA 5

# ZANDARY 5 MATY NATELIN'NY RANO

MARINA IZANY ! 6

## HASIAM-PANOVANA VE !

Tafa....sika 2

DR SOULEMAN MPIKABARY

## "TSY MANANA ZAVATRA HAFA ITOKISANA IREO TANORA"



RAHARAHA SMA - ANTANANARIVO RENIVOHITRA 8

# NANAO FIHETSIKETSEHANA NITAKIANA NY FAMOAHANA NY NAMANY IREO MPIASA



KITRA - "FENÊTRE FIFA" 15

## TSY TONGA HIFANININANA I MARCO, LAPOUSSIN, FABIEN BOYER


EDGARD RAZAFINDRAVAHY

## "TSY MAINTSY VOKARINA ETO NY FILAN'NY MPONINA ANDAVANANDRO " 7

RIJ'ART 3

## NAMOAKA HIRA "NGOMA"



**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aleo mitoetra irery tsy misy hafa manelingelina toy izay manana namana iarahan-dalana, kanefa tsy azo ifaharana!"
Ny Vetso (12.10.16)
("La solitude vaut mieux que la mauvaise compagnie")

# Tafa....sika

Dr Souleman mpikabary

## "Tsy manana zavatra hafa itokisana ireo tanora dia liana amin'ny fiverenana an-doharano"

**Gazetiko** : Mpikabary, mpandala ny fomba malagasy, mpampianatra mpikaroka. Ahoana ny fandrindranao ireo tontolo samihafa misy anao ireo ? Ny siantifika manko matetika tsy mino ny tontolon'ny fanahy ?

**Dr Souleman** : « *Mpikabary sady mampianatra ny tenako. Tsy mifanipaka ny fandalana ny netin-drazana satria misy ny fazavana amin'ny lafiny siantifika. Mifanaraka amin'ny lojika siantifika ny fomba rehefa tena halalinina. Ohatra, raha hiresaka volana isika. Ny septambra : sept : fito izany hoe fahafito ary ny desambra kosa, midika hoe volana fahafolo. Mitombina araka izany ny maha volana martsa ny taombaovao, satria ny janoary izany no volana faha-11 ary ny febroary faran' ny taona volana faha-12. Marobe ny azo porofoina ara-tsiantifika* ».

**Gazetiko** : Ahoana ny fahitanao ny fandraisan'ny olona ny taombaovao malagasy, indrindra ny tanora eto amintsika ? Inona no azonao lazaina mikasika ny taombaovao malagasy vao nankalazaintsika teo ?


Dr Souleman nankalaza taombaovao malagasy teny Ambohidratrimo niaraka tamin'ny tanora.

**Dr Souleman** : « *Efa mihafantatry ny olona ny taombaovao malagasy fidiovana. Efa betsaka ireo ankizy sy tanora liana. Ho an'ny teny Ambohidratrimo izay nokarakarainay, ny 40% amin'ireo nitsidika ny velatseho dia ankizy sy tanora avokoa. Porofon'izany, ny fanatrehana ny velatseho sy ny fomba fitafy gasigasy. Azo lazaina fa tsy manana zavatra hafa itokisana ireo tanora ka liana amin'ny fiverenana an-doharano. Tokony hapetraka mazava tsara ny politikan'ny kolontsaina eto Madagasikara. Ny Fanjakana dia mankalaza ny taombaovao nefa tsy nametraka ilay andro ho andro tsy fiasana. Milaza zavatra be dia be eo anatrehan'ny mpitana fomba izany. Lasa variana amin'ny endrika ivelany ho hitan'ny olona fa tsy tena mifantoka amin'ny hasina sy fototra no azo handikana ireny fanapahankevitra ireny* ».

***Gazetiko*** : Firy ny fangatahambady vita ao tao anatinn'ny 20 taona? Inona no hitanao fa lesoka amin'ny fanajana ny fomba sy ny kolontsaina malagasy rehefa mangatabady? Ilaina ve ny manaraka ny fomba sy kabary rehefa mangata-bady? Inona no torohevitra omenao ireo mangata-bady na hangataham-bady?

**Dr Souleman** : « *20 taona nikabariana ny tenako. Tsy mikabary amin'ny fahorian' olona fa mijoro kosa rehefa ny fianakaviana no tojo izany. Kabary am-panambadiana mihoatra ny 800 no natambatra. Maro no tamin' ny fiteny vahiny. Tamin'ny taona 2008 dia efa nanao izany vodiondry tamin'ny alalan'ny tambajotra izany na dia mbola tsy nivoatra be aza ny tontolo ara-teknolojia. Tsy fombafomba fotsiny ny kabary am-panambadiana, fa misy ny fomba atao mba hannomezam-boninahitra ny fianakavian'ny zatovovavy. Ao anatin'ny vodiondry no handinihina ny lafiny rehetra eo amin'ny fomba ifampitondrana eo amin'ny tokantrano sy ny fitiavana. Tsy maintsy hampiadiana ny zavatra rehetra. Ny kabary no mampilamina ny fanambadiana rehefa apetraka amin'ny hasina, haja amamboninahitra azy* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Tetikasa prom'Art

## Nisitraka fampiofanana ireo mpisehatra ara-kolontsaina any Analanjirofo

Taorian'ny fampiofanana mikasika ny fandraharahana ara-kolontsaina mikasika ny tetikasa prom'Art tany Vakinankaratra dia nahazo ny anjarany ihany koa ny mpisehatra ara-kolontsaina tany Fenoarivo Atsianana, faritra Analanjirofo iny. Tsy miova ny tanjona napetraky ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina misahana ny zava-kanto sy ny fanapariahana ny zava-kanto artistika eto anivon'ny ministera mikasika ity tetikasa ity. Ny tetikasa dia fampiofanana mba hampivoatra sy hitondra tantsoroka ary hampitombo lenta ireo mpanakanto sy ny kanto vokarin'ireo mpisehatra mba hahafahan'izy ireo mandraharaha sy mitrandraka izany ho lasa antom-pivelomana feno. Ny « Le Ceentre » na ny Centre d'Excellence en Entrepreneuriat no nitondra ny traikefany nandritra ny


Izy 40 mianadahy mpisehatra ara-kolontsaina nandray ny fiofanana amin'ny tetikasa Prom'Art, nandray ny maripankasitrahana sy taratasy fanamarihana amin'ny fahavitan'ny fiofanana.

fampiofanana ary nomena mari-pankasitrahana sy taratasy fanamarihana ny fahavitana fiofanana ara-kolotsaina ireo 40 mianadahy mpisehatra ara-javakanto nanatrika. Tao amin'ny tranoben'ny kolontsaina Fenoarivo Atsinanana moa no niofana nandritra ny 2 andro ireo mpisehatra ara-kolontsaina ireo ny 14 sy 15 marsa lasa teo. Nambaran' ny fitaleavam-paritra any an-toerana fa efa an-dalana koa ny fametrahana ny ivon-toeram-pikotrehana (centre d'incubation), na ivontoerana hiketrehana ny mpanakanto sy ny asa-kanto any an-toerana. Hiparitaka amin'ny faritra hafa manerana an'i Madagasikara ny tetikasa « Prom'art » tohanan'ny fandaharanasa UNESCO-Aschberg.

**Tiaray R**

Viavy Film Festival

## "Why are we Awake" an'i Nya Rafali no voalohany tamin'ny fifaninanana

*Koloina Andriamanantsoa sy Sue Navalona no vy nahitana sy angady nanana ny Viavy Film Festival, izay notohanan'ny Canal Plus Madagasikara. Mbola hitohy amin'ny endriny vaovao sy mahaliana ny andiany manaraka rehetra*


Rafaly nibata ny andiany voalohany tamin'ny fifaninanana horonantsarimihetsika fohy nokarakarain'i Viavy Film Festival.

Nifarana ny asabotsy hariva teo tetsy amin'ny Canal Olympia Iarivo etsy Andohatapenaka ny ny « Viavy Film Festival ». Ny fifaninana horonan-tsary fohy natokana ho an'ny vehivavy no tena nasongadina sy nanamarika ny hetsika tamin'ity andiany voalohany ity. Horonan-tsarimihetsika fohy 12 nosoratana, novokarina sy notontosain'ny vehivavy, no voafidy hifaninana, ka ilay horonan-tsarimihetsika fohy nosoratana sy notontosain'i Nya Rafali mitondra ny lohateny hoe « Why are we awake » no nahazo ny voalohany, ka nibata ny amboara lehibe « Tresse d'or » sy loka samihafa. Sokajy famoronana moa no nisy ny « Whay Are we Wake », ka i Nya Rafali mihitsy no mpilalao fototra ao anatiny, ary naharitra eo amin'ny 6mn sy 55 segondra. Sarimihetsika dystopia aingam-panahy avy amin'ny siansa, ary ny fizarana faha-3 amin'ny andiany tsy misy farany nataony mitondra ny lohateny hoe "All the Why" ity nahazo ny voalahany ity, raha ny fanazavana. Ny dystopia moa dia tantara foronina mampiseho fiaraha-monina tsy voatery hisy fa voalamina amin'ny fomba tsy azo ihodivirana, ary afaka mampihatra fahefana tanteraka ny mpitondra, ka ny olom-pireneena tsy afaka mampiasa ny safidiny malalaka intsony. Izay no nahatonga an'i Nya Rafali nanao ity tantara fohy ity ka hametahany ny fanontaniana hoe « nahoana isika no tsy hifoha ?».

**Atolotr'i Nya ho an'ny vehivavy rehetra**

« Tsy nataoko ho ahy irery ny fahazoana ny amboara fa atolotro ho an'ny andriambavilanitra sy ny vehivavy mpamokatra filma rehetra », hoy i Nya Rafali.

Fa ankoatra izay dia nahazo ny laharana faharoa, nibata ny loka Tress d'Argent teo amin'ity fifaninana nokarakarain'ny Viavy Film Festival ity, ilay horon-tsarimihetsika fohy nosoratan'i Rova Andriantsileferintsoa mitondra ny lohateny hoe « Hidy ». Nahazo ny fankasitrahana manoakana avy amin'ny mpitsara kosa ka nahazo ny « Somala 2024 » i Sous Silence nosoratan'i Mazigna Barros. Fa anisan'ny nanamarika ny hetsika ihany koa ny fiofanana sy ny atrikasa ary ny fifanakalozana traikefa teo amin'ny tontolon'ny sinema. Marihina fa i Koloina Andriamanatsoa sy Ony Andrianantany, na Sue Navalona, no vy nahitana sy angady nanana ny Viavy Film Fextival. Tanjon'izy ireo ny hisarihana ny rehetra hisehatra amin'ny fanodinana horonan-tsarimihetsika ka singanina manokana amin'izany ny vehivavy. Sehatr'asa iray ahafahana mampidi-bola ny sinema ary azo atao tsara ny manao asa fivelomana azy. Tamin'ity andiany voalohany ity dia nanolo-tena hiara-kiasa sy nanampy azy ireo ny Canal + Madagasikara.


**Tiaray R**

Fikambanana Dôla Beach

# Hetsika maroloko hanamarihana ny herinandron' ny Paska any Vatomandry

*Vonona hanapoapoaka i Tence Mena na dia sambany aza no handray anjara amin'ny hetsika . Hetsika izay hanomboka ny 29 ka hatramin'ny 01 avril ny hetsika.*

Miditra amin'ny andiany faha-12 amin'ity taona ity ny hetsika karakarain'ny Fikambanana Dôla Beach. Tahaka ny isan-taona dia manomana hetsika ara-kolontsaina sy fanatanjahan-tena mandritra ny herinandron'ny Paska ny tompon' andraikitra, Laimena Alexandre, filohan'ny fikambanana miara-miasa amin' ny disitrikan'i Vatomandry. Mpanohana hatrany hetsika kosa ny orinasan-tserasera Telma Malagasy. Nisy ny fampahafantarana ity hetsika goavana izay efa lasa fomba amam-panaon'iny toerana iny mihitsy ankehitriny. Anisan'ny hampiavaka ny hetsika ara-kolotsaina amin'ity taona ity ny fahatongavan'i Tence Mena any an-




Nandritra izay 12 taona izay dia mikatsaka zava-baovao ho an'ny rehetra hatrany ny Fikambanana Dôla Beach sy ny Telma mpanohana.

toerana hanolotra fampisehoana hamalifaliana ny mponin'i Mananjary sy ny manodidina. Hanomboka ny 29 marsa ny hetsika ary tsy hifarana raha tsy ny 01 aprily. Tanjon'ny hetsika moa ny fampahafantarana ny kolontsaina sy ny fomba mampiavaka an'iny faritra iny, fa eo ihany koa ny fampiroboroboana ny fizahan-tany anatiny sy ny hisarihana ny avy any ivelany, ary indrindra fampiroboroboana ny baolina kitra lalaovina amin'ny tora-pasika, na ny « Beach Soccer ». Mba hahafahana manatratra izany dia mitady izay hampiavaka azy isantaona ny mpikarakara, ka amin'ity taona ity dia ny fifaninana « carnaval » lehibe ny 30 marsa, handraisan'ireo faritra manodidina anjara, sy ny avy eo an-teorana, ka hotolorana fanomezana izay mahazo ny voalohany amin' izany. Amin'io fotoana io ihany koa ny hanomboahana amin'ny fomba ofisialy ny hetsika. Wawa, mpanjakan'ny Salegy, no mpanakanto hisantatra ny fampisehoana amin'io fotoana io. Ny ampitson'iny, mandritra ny fankalazana ny paska, no hiakatsehatra i Tence Mena.

**Mpitsidika 5 000 ka hatramin'ny 10 000 no andrasana**

Fa ankoatra izay, hisy ihany koa ny fifaninanana vakodrazana sy ny dihy mampiavaka iny faritra atsinana iny, ny fisafidinana izay vehivavy sy lehilahy mendrika sy tsara terehy, ny fifaninana arapanatanjahan-tena samihafa izay hanasongadinana ny Beeach Soccer. Ity farany dia efa nanomboka, fa amin' ny 31 marsa ny famaranana. Mpitsidika sy mpandray anjara 5000 ka hatramin'ny 10000 no andrasana amin'ity hetsika ity. Mety tsy haharaka izany ny toeram-pandraisam-bahiny any an-toerana, saingy azon'ny rehetra atao kosa ny mivonona amin'ny trano lay. Azo antoka tsara ny fandriam-pahalemana ary tsy misy atahorana izany, satria misy ny fiaraha-miasa amin'ny mpitandro ny filaminana isan-karazany. Amin'ny maha mpanohana ofisialy ny orinasa Telma Madagasikara moa dia hisy ny fampahafantarana ireo vokatra sy tolotra maro samihafa avy amin'izy ireo.

**Tiaray R**

Tahirin-kiran'ny mpanakanto

# Mirona amin'ny clé Usb ny artista, manodidina ny 3 alina Ar ny iray



Manomboka voafafa tsikelikely eo amin'ny mpihaino mozika eto amintsika ny kapila.

Mirimorimo ny fihazakazaky ny teknolojia eto amintsika. Raha mbola mampiasa kapila ny mpankafy mozika any amin'ny tany efa mandroso. Efa miala tsikelikely amin'izany ny mpitia sy ny mpihaino mozika eto amintsika, ka vitsy dia vitsy sisa no hany mividy kapila. Araka ny fanadihadiana nataonay tamin'ny mpivarotra kapila eto amintsika dia ireo vahiny sy ireo Malagasy monina any ampitandranomasina mandalo eto sisa no mpanjifa kapila eto amintsika. Etsy ankilany, vitsy ny tokantrano manana ireo fitaovana hamakiana ny cd sy vcd, ka na misy manana aza ka simba dia tsy amboariny akory. Any anaty fiara, any an-tokantrano any dia saika mampiasa clé usb avokoa, satria mora ary miparitaka eny rehetra eny ny vidin'ny fitaovana azo andefasana ny clé usb. Vokatr'izany, mirona amin'ny fandraketana ny hirany sy ny rindran-tsariny hatramin'ny fampisehoana notanterahiny ny mpanakanto eto amintsika. Kely ilay fitaovana clé usb, mora ampiasaina, mora tehirizina nefa mahazaka zavatra betsaka. Somary lafolafo kosa ny vidiny ho an'ireo mpanakanto mamokatra azy ireny, satria mahatratra 3 alina ariary ka hatramin'ny 5 alina ariary eo ny iray.

**Mivarotra mivantana**

Amin'ny ankapobeny, araka ny fanadihadiana nataonay ihany, dia ireo antoko mpihira avy amin'ny fiangonana na mpihira evanjelika no tena mivarotra ny « clé usb » eny amin'ny toeram-pivarotana tahirin-kira. Mpanakanto vitsy dia vitsy azo isaina amin'ny rantsan-tanana no mametraka ny tahirin-kirany voarakitra amin'ny clé usb amin'ireny toerana ireny. Amin'ny ankapobeny dia varotan'ireo mpanakanto mivantana amin'ny mpankafy mijery azy eny an-tsehatra ny vokatra avokany. Amidin'izy ireo miaraka amin'ny vokatra hafa, toy ny « tee-shirt » na kaskety na fahatsiarovana madinidinika eny ireo « clé usb » mirakitra ny sanganasany. Ny klioban'ny mpankafy matetika no mandray an-tanana azy ireny ka eny am-bavahady fidirana na koa mitety seza izy ireo amin'izany. Ny vidiny kosa manodidina ny 3 alina eo ho eo hatrany ny iray.

**Fy**

Rij'Art

# Namoaka hira vaovao : " ngoma"

Namoaka hira vaovao mitondra ny lohateny hoe: "ngoma" i Rij'Art. Tamin'ny volana febroary lasa teo io hira io no navoakany ary efa malaza sahady izany amin'izao, indrindra fa any amin'iny faritra Itasy, Ampefy, iny, izay toerana niaviany. Miresaka momba azy izay ihany, dia tsara tokoa ny mampahafantatra fa mitantara indrindra momba ny fiainany io hira vaovao vao navoakany io ary natolony ho an'ny faritra niaviany. Mampiasa ny gadona gasi-



gasy izy ao anatin'izany mba hampisongadinany ny maha malagasy hatrany. Toy izany daholo, hoy izy, no hanaovany ireo hira havoakany. Tsy mifidy gadona kosa izy fa tsy maintsy misy maha gasy ny hira ataony. Nanomboka ny taona 2018 moa izy no namoaka hira voalohany ary efa niparitaka tamin'ny haino aman-jery samihafa. Taorian'izay dia somary niato kely izy tamin'ny famoahana hira, fa efa nahasoratra hira maromaro kosa izy amin'izao, ka ity "ngoma" ity indray aloha no navoakany manaraka. Manana vina ny hamoaka rakitsary izy, saingy mbola miandry kely izay, hoy izy. Ankoatra ny maha mpanakanto azy moa dia milalao basket ihany koa izy. Sekretera jeneraly no sady mpanazatra ao amin'ny ligin'ny basket amin'ny faritra Itasy. Manana pejy fesiboky "Rij'Art"moa izy ahafahana mifandray aminy. Misokatra amin'ny rehetra rahateo izy amin'ny fiaraha-miasa.

**Tanya**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-11)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 773/20-12)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, cahier, TV, bisikileta, machine, debara sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-3)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 Md AR à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-1)

### COUR

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-6)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-15)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-5)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-10)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-6)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-4)

Andekaleka

# Fiaran-dalamby nitondra mpiasan'ny Jirama nivadika, 9 naratra

*Tafala tamin'ny làlam-by ilay izy ka tonga dia nivadika ary nitsivalana teo afovoan-dàlana.*

Nitrangan'ny loza an-dalamby indray teo anelanelan' Andasibe sy Andekaleka, distrikan'i Moramanga, ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany maraina. Araka ny fanazavàna azo dia fiaran-dàlamby mpitatitra mpiasan'ny Jirama hihazo an'Andekaleka no nivadika teo Ambatovola-Moramanga. Mpiasa miisa roa ambinifolo no tao anatin' ilay fiaran-dàlamby tamin'io ka ny sivy tamin'ireo no naratra ary ny roa no tena voa mafy. Efa samy nalefa haingana namonjy hopitaly avokoa moa izy rehetra ireo mba hanaraka fitsaboana. Ireo sisa ambiny kosa mba tsy naninona. Raha ny fanazavàna hatrany dia tafala tamin'ny làlam-by ilay izy ka tonga dia nivadika ary nitsivalana teo afovoan-dàlana. Tonga nijery ifotony ny zava-nitranga avy hatrany moa ny mpitandro filaminana raha vao nandre ny loza ka efa mandeha ny fanadihadiana.

**Efa antitra**

Tokony hasiana fanarahamaso akaiky mihitsy ny mikasika ny làlam-by eto Madagasikara mba hisorohana ny loza toy izao fa efa tena antitra ny fotodrafitrasa. Vao tsy ela akory no nisy ilay loza goavana tamin'ny zotra FCE. Anisan'ny mitondra anjara biriky lehibe amin'ny lafiny toekarena ny fitaterana an-dalamby ka tokony hojerena akaiky ny fitsirihana sy ny fanamboarana azy ireny mba ho azo antoka ny fampiasàna azy.

**R.C**





**Toy izao ny zava-nitranga!**

Ambohijanaka

## Mpangalatra 2 lahy tratra niharan'ny fitsaram-bahoaka

Teo am-pihanihana tambohon' olona nifanolotra fahitalavitra avy nangalarin'izy ireo ireto roa lahy ireto no nisy nahatsikaritra, ny alarobia lasa teo, tao amin'ny fokontany Mahaimandry, kaominina Ambohijanaka. Niantso vonjy avy hatrany ireo nahita izany ka raikitra ny fanenjehana nataon'ny fokonolona ireto mpangalatra ireto. Tsy namelan'ny olona raha tsy tratra. Ny sasany kosa niantso mpitandro filaminana. Tonga dia nanaovan' ny olona fitsaram-bahoaka teo ireto jiolahy ireto ka efa naratra sy nivonto ny tarehiny vao tonga ny zandary. Soa ihany fa nalaky tonga ireto farany. Nentina natao famotorana avy hatrany izy roa lahy. Noho ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana dia efa nentanina nandritra ny fanaovana ny Tagnamaron'ny fandriam-pahalemana ny mponina mba tsy hamela ireo mpanao ratsy hanjakazaka eny anivon'ny fiaraha-monina.



**Ireo mpangalatra tratra!**

**Tsy nahazo**

Araka izany dia tsy nahazo na inona na inona ireto jiolahy, satria teo am-pitaomana ny entana nangalariny indrindra izy ireo no tratran'ny sakoroka tamin'ny fokonolona. Ny olona rahateo ihany koa tsy mamela mahazo fa ny aza tratrany ihany. Tena ilaina mihitsy ny fiaraha-mientan'ny rehetra amin'ny tranga toy izao mba hamongorana ireo mpanao ratsy. Efa sarotra ny fiainana ka tsy maintsy arovana izay eo an-tànana.

**R.C**

Karohin'ny zandary

# Pakistaney 2 lahy nangalatra 120 tapitrisa Ar







**Ireo roa lahy karohina!**

Karohin'ny zandary fatratra amin'izao ireto teratany pakistaney roa lahy ireto, izay fantatra amin'ny anarana hoe Kamran Aslam sy Ahmad Nadeem, voarohirohy ho nangalatra vola mitentina 120 tapitrisa Ariary tao amin'ny mpampiasa azy. Ankoatra io volabe io dia mbola nisy entana maro isan-karazany nangalarin' izy ireo ihany koa. Taorian' ireo halatra nataony ireto dia tsy hita ny nanjavonany. Nametraka fitoriana teny amin'ny zandary misahana ny heloka bevava eny Fiadanana avy hatrany ny tompon'ny orinasa niasany. Efa mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireto lehilahy ireto amin'izao fotoana izao. Efa naparitaka amin'ny tambajotran-tserasera sy eny amin'ny mpitandro filaminana ihany koa ny mombamomba azy mba hanamora ny fisamborana. Koa izay mahita na manam-baovao momba azy dia afaka miantso ny zandary amin'ny laharana 0341400617/0383575653.

**R.C**

Ivato

## Mpifankatia tratra nivarotra rongony

Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafantaran'ny zandary fa misy olona mamatsy rongony ireo tanora sy mpianatra eny amin'ny faritr' Ivato iny. Natao ny fanadihadiana sy ny vela-pandrika ka trà-tehaka tao an-tranony teny Ivato ny sabotsy lasa teo ireto mpifankatia mpanao ity asa fivarotana rongony ity. Lehilahy efatra amby telopolo taona sy vehivavy valo amby roapolo taona izy ireo ka tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana azy ireo ho mpisakaiza. Tratra nandritra ny fisavàna natao ny tranony ny ravin-drongony iray harona plastika lehibe sy fonosan-drongony miisa valo. Nisy ihany koa ny nafenin'ilay lehilahy tany anaty bàn-kirarony, saingy mbola tratra ihany. Nogiazana avokoa moa ireo zava-mahadomelina tratra ireo ary notanana natao famotorana izy roa.



**Nisy nafenin'ilay lehilahy tany anaty bàn-kirarony!**

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Avy namita iraka

# Zandary 5 maty natelin'ny rano

*Vokatry ny rivotra nitsoaka mafy no naharendrika ny lakana nitondra ireo zandary tany Midongy Atsimo.*




Ireo anisan'ny namoy ny ainy.

Namoy ny ainy ireo zandary telo, G1C" Rafindramara Tris sy "G1C" Ramarolahy Florent Jean Marie, ary "G2C" Fidèle Lucien. Nandeha namita iraka tao amin'ny zana-tobimparitra Soakibany izy ireo ka rehefa niverina nody dia tradoza. Tsy maintsy nandeha lakana tao amin'ny reniranon' Itomampy ireto mpitandro ny filaminana ireto niaraka amin'ny kartie mobily iray. Vokatry ny rivotra tampoka tamin'io fotoana io dia rendrika ny lakana. Lasan'ny rano izy ireo, niaraka amin'ny basiny. Ny ampitson'iny kosa vao hita ny vatana mangatsiaka ary mbola nisaringotra teny an-tratrany ny basy nentiny.

**Soaloka**

Ankoatra ireo telo lahy ireo dia zandary roa lahy avy namita iraka tany amin'ny kizo Ambatomainty ihany koa no namoy ny ainy rehefa niampita ny reniranon'i Manambolo, tao Ambalarano, kaominina ambanivohitra Soaloka, distrikan'i Miandrivazo, omaly tokony ho tamin'ny 7 ora maraina. Anisan'ireo namoy ny ainy tamin'izany ny zandary kilasy faharoa Randriamamonjy Maminirina Patrick, izay miasa ao amin' ny zana-tobim-paritra Soaloka. Niezaka nanao ny fomba rehetra ny namany sady niantso vonjy mba hanavotana azy fa tsy nahasintona azy akory. Tonga maro ihany koa ireo fokonolona sy ny zandary ao an-toerana nanao ny fikarohana sy ny fombafomba rehetra ka tamin'ny folo ora no hita ny vata-mangatsiakan' Itompokolahy

**Deyland**

Mangamila

# 2 lahy nanodinkodina zaza tsy ampy taona nalefa eny Tsiafahy

Taorian'ny famotorana mikasika ny fanodinkodinana zaza tsy ampy taona niampy ny herisetra ara-nofo nahavoarohirohy lehilahy roa, 46 taona sy 41 taona, tany Ampotaka, kaominina Mangamila, any amin'ny distrikan'Anjozorobe, dia niakatra fampanoavana teny amin'ny fitsarana Anosy ny zoma lasa teo ny raharaha. Taorian'ny famotorana nataon'ny mpitsara mpanao famotorana dia nalefa vonjimaika eny amin'ny fonjan'i Tsiafahy izy ireo miandry ny fotoam-pitsarana azy. Ny talata lasa teo no tonga nametraka fitoriana tany amin'ny zana-tobim-paritra ny ray aman-drenin'ny ankizivavikely iray 15 taona fa nisy nanodinkodina sy nanao herisetra ara-nofo io zanany io.

*Voarohirohy ho nanao herisetra ara-nofo tamin' ilay ankizy ihany koa izy ireo.*

**Nanery**

Ny volana oktobra 2023, lehilahy roa no nanadala ny zanany ka ny iray tamin'ireo aza dia mbola nanery azy hanao firaisana ara-nofo taminy teny an-tanànan'izy ireo, teny Ampotaka, hoy ny ray aman-drenin'ilay zazavavikely. Tonga dia nanao famotorana avy hatrany ny zandary avy any amin'ny zana-tobim-paritra Mangamila. Nentina nozahana fahasalamana tany amin'ny hopitaly Anjozorobe ihany koa ilay zazavavikely niharan'ny herisetra ara-nofo. Nandeha ihany koa ny fikarohana ny nahavanon-doza ka voasambotra ny ampitson'ny nametrahana fitoriana ihany izy ireo, izany hoe ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana izy ary natao andrimaso tao.

**T.H**

Mahitsy

# Lehilahy trà-tehaka teny am-pilanjana vilany halatra

Sendra ny tsy nampoiziny ireto mpangalatra roa lahy ireto satria nifanehatra tamin' ny zandary mpanao fisafoana teny an-dàlana am-pilanjana ireo vilany sy entana avy nangalariny ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 1ora maraina. Mailo avy hatrany anefa izy ireo raha vao nahatazana ireo zandary. Raha vao nanontany fotsiny ny zandary dia raiki-tahotra izy roa lahy ka nibaradaka fa avy namaky trano ary entana nangalariny ireo nentiny ireo. Nataony tao anaty gony izany ka rehefa nosavaina dia vilany lehibe miisa roa sy entana maro no hita tao. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana avy hatrany ireo. Mba hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana sy hamongorana ireo mpanao ratsy dia manamafy hatrany ny fisafoana ataony ny zandary, indrindra fa amin'ireo toerana mafampana. Noho izany indrindra no antony nahazoana izao vokatra izao.



Ireo entana halatra tratra!

**Mirongatra**

Iaraha-mahalala fa tena mirongatra mihitsy ny vaky trano sy ny hala-botry amin'izao ary tsy misy andro sy alina izany intsony. Na andro antoandro be izao aza dia tsy miahotra akory ireo olon-dratsy miditra ny trano raha vao hitany tsy misy olona. Tonga dia bataing ny entana hitany lafo vidy sy mora entina ary ao anatin'ny fotoana fohy no anaovany izany. Noho izany dia tokony ho mailo foana amin'ny fanidiana ny trano na eo akaiky eo ihany aza.

**R.C**

Imerimandroso

# Jiolahy dimy nanafika tokantrano, nafatotra ny mpiambina

Nisy fanafihan-jiolahy niseho tany amin'ny toerana antsoina hoe Antranomenabe, ao anatin'ny fokontany Mangarano, any anatin' ny kaominina Imerimandroso, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora alina. Tokantrano iray no niharan'ny asa ratsy tany antoerana ka lasan-dry zalahy ny vola mitentina 1 800 000 ariary niampy finday sy entana maromaro izay mora nobataina. Ankoatra izay dia nofatoran'izy ireo ihany koa ny mpiambina. Jiolahy dimy nitondra fitaovam-piadiana, tsy nisy nanao saron-tava, no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Vantany vao tonga izy ireo dia nanao ny fomba nahafahany niditra tao. Nopoirin-dry zalahy tamin'ny "barre à mine" ny varavarana ka raha vantany vao tafiditra izy ireo dia nifanehatra tamin'ny mpiambina ny tanàna ka nofatoran'ireo jiolahy avy hatrany, ka tsy afaka nanohitra. Taorian'izay, nandeha niditra tany amin'ny trano nisy ny tompon-trano amin'izay ireo mpanafika.

*Nopoirin-dry zalahy tamin'ny "barre à mine" ny varavarana.*

**Vehivavy lehibe avokoa**

Voalaza fa vehivavy efa nahazo taona avokoa no mipetraka ao. Voafehin'ireo olon-dratsy izy ireo ka io nahazoan'izy ireo vola io, niampy finday telo, tablette roa, écran lehibe roa, robot mixeur iray, vilany telo. Rehefa azony izay nilainy tao dia lasa ry zalahy nandeha nitsoaka. Soa fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity asan-jiolahy ity. Ny ampitson'io tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany maraina no nahazo fampandrenesana mikasika io zavanitranga io ny zandary avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Merimandroso ka efa nidina ifotony nanao fizahana tany amin'ilay toerana nisehoan' ny fanafihana. Efa nanomboka teo ny fikarohana ireo jiolahy. Nosavaina avokoa ny olona nitondra sakaosy. Ankoatra izay dia nentanina ihany koa ny olona hanohy ny fiambenana. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana.

**T.H**

Andriamena

# Mpiasan'ny paositra voarohirohy ho nanodinkodina vola 249 tapitrisa ariary



Ilay vaorohirohy tao Fandriana.

Voatazona ao amin'ny zandary brigady Andriamena ny lehilahy iray mpiasan'ny paositra malagasy ao Andriamena. Ny tomponandraikitra avy amin'ny Paositra Malagasy no tonga nametraka fitoriana an'ity resevera an'ny paositra ity ho nanao fanodinkodinana volam-panjakana mitentina 249 175 385 tapitrisa ariary. Nanatanteraka avy hatrany ny fisamborana azy ireo mpitandro ny filaminana tao antoerana ary efa miroso amin'ny fanadihadiana. Niaiky. Mbola raharaha fanodinana vola izay hatrany dia hatao famotorana ihany koa ny lehilahy iray lehiben'ny masoivohon'ny paositra malagasy ao Fandriana. Vaorohirohy izy io ho nanao fanodinkodinana volam-panjakana ka nosamborina. Ny tale rezionalin'ny paositra sy lehiben'ny fitsirihana eo anivon'ny paositra malagasy no nitondra fitarainana. Raha ny fanazavana dia nisy vola mitentina 7 722 860 Ariary eo ho eo voahodinkodina tao amin'ny paositra Fandriana rehefa natao ny fitsirihana. Niaiky ny heloka vitany ilay lehilahy. Misokatra ny fanadihadiana ataon'ny zandary ao amin'ny brigady Fandriana.

**Deyland**

Fifidianana

# Tsy hadio raha mbola tsy miova ny rafitra samihafa manatanteraka izany

*Mijanona ho fitakiana fotsiny aloha hatreto ny fangatahan'ny mpanohitra sy ny fiaraha-monim-pirenena.*







Saika nisy savorovoro hatrany, mialoha na mandritra na aorian'ny famoahana voka-pifidianana, notanterahina teto amintsika, ankoatra ny tamin'ny 2013 izay nahatanteraka tao anatin'ny filaminana sy ny fitoniana ny famindram-pahefana, teo amin'ny filoha roa nifandimby. Samy nahatsiaro ny zava-nitranga, nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo ny mpanara-baovao ka niteraka ny tsy fandraisan' ny kandidà mpifaninana sasantsasany anjara, noho ny ahiahy ny hisian'ny hosoka ny fandikan-dalàna nivandravandra. Mbola mipetraka izany ahiahy izany, roa volana mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka. Ahiahy izay heverina fa mitombina, raha mbola tsy miova ny rafitra samihafa mandray anjara amin'ny fanomanana sy fanatanterahana ny fifidianana. Rafitra manomboka amin'ny filohampokontany; ny lehiben'ny distrika; ireo delege isantsokajiny mikirakira ny fitaovana ilaina mandritra ny fifidianana sy manangona ny vokatra; ny vaomiera manokana misahana ny fifidianana izay miandraikitra tanteraka ny fanomanana, manomboka amin'ny fandrafetana ny lisi-pifidianana; ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana izay mamoaka ny voka-pifidianana amin'ny fomba ôfisialy dia na tendren'ny mpitondra mivantana, na tendren'ny solontenam-panjakana.

**Fanovan-drafitra!**

Ireo rafitra tanisaina rehetra eo ambony ireo anefa dia manana tamberin'andraikitra amin'ireo nametraka azy tamin'ny toerany. Ankoatra izay, mipetraka ihany koa ny fanontaniana ny amin'ny hoe: ny mpanohitra izay manentana ny olony hanaramaso ny fizotran'ny latsabato ve manana olona mahavoafehy ny asa mifanaraka dingana rehetra, manomboka amin'ny fametrahana ny vata hasiana ny bileta ka hatramin'ny fiarovana sy ny fanaraha-maso ny voka-pifidianana, indrindra any amin' ireny faritra lavitra sy sarodalana ireny ? Ny valin'io fanontaniana io izay tsia, amin'ny ankapobeny. Ny dikany, sarotra ny ahatongavana amin'ny fifidianana madio; mangarahara ary eken'ny rehetra, raha tsy miova ny rafitra manatanteraka izany, izay tokony tsy momba ny atsy na ny aroa. Ny fanovàn-drafitra izay tsiahivina fa fitakiana efa naverimberin'ny mpitarika antoko pôlitika, avy amin'ny hery fanoherana sy ny ankamaroan' ny fiarahamonim-pirenena, saingy mbola tsy tanteraka aloha izany hatreto. Manoloana ireo olana voalaza eo ambony ireo dia ahiahiana ny mety hiverenan'ny krizy pôlitika indray, aorian'ny fifidianana raha mahatsikaritra hosoka, indrindra ny eto andrenivohitra ny mpifaninana amin'ny kandidam-panjakana. Iretsy farany izay tsikaritra ho efa manomana ny olony, hanara-maso akaiky ny fizotran'ny latsa-bato. Andrasana izay fivoaran'ny zava-misy.

V.R.

## Marina izany !

### Hasiam-panovana ve !

**Niteraka fanontaniana maro ny lahatenin'ny filohan'ny Antenimieran-doholona, nandritra ny famindram-pahefana teo amin'ny lehiben'ny etamazaoro teo aloha sy ny vao notendrena, notanterahina, teny amin'ny kianjan'i Barea. Manoloana ny antso nataon'io filohan'ny andrimpanjakana io fa tokony hitodika amin'ny filaminana anatiny ny Tafika dia manitikitika ny fanontaniana hoe: Hiova ve izany ny andraikitry ny Tafika Malagasy izay ambaran'ny lalàna fa miaro ny sisintany ary ny firenena, amin'ny ankapobeny manoloana ny ambana avy any ivelany? Fanontaniana hafa manitikitika ny saina ihany koa ny hoe: Tsy vitan'ny Zandarimariam-pirenena sy ny Pôlisim-pirenena intsony ve ny miaro ny filaminana anatiny, andraikitra nomen'ny lalàna azy ireo? Ankoatra izay, miteraka fanontaniana ihany koa ny filazany fa tokony harahin'ny mpitandro filaminana mpanao fanadihadiana (OPJ) ny Tafika eny ankianja satria tsy ilaozan'izay jiolahy mahitahita ka mety hifototra amin'ny mpitandro filaminana: Inona no atahorana ny jiolahy mahitahita? Teboka hafa nanaitra ihany koa ny filazany fa tsy tokony hijanona amin'ny fitandroana ny filaminana ihany ny mpitandro filaminana fa hiditra amin'ny fiarovana ny lafiny toekarena? Maro ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany, toy ny hoe: Tsy somary tara ve ny fampahatsiahivana ? Antony, efa maro ny harem-pirenena no tafavoaka an'i Madagasikara, raha tsy hitanisa afa-tsy ny volamena 73 kg, ny volamena nivadika bolongamby?...Ny fanontaniana ihany koa dia ny hoe: Ho sahy handray ny andraikiny ve ny fitsarana, raha tena hiroso amin'izany ny mpitandro filaminana? Tsy tsiambaratelo loatra mantsy ny hoe iza no manao inona eto amintsika?**

Voahangy Rakotozafy




Tolo-panafahana 29 marsa 1947

# Hisokatra amin'ny 24 marsa ny fanamarihana ny faha-77 taonany

Toy ny isan-taona dia efa amperinasa ny kômity mpanomana ny hetsika ahatsiarovana ny tolo-panafahana, tamin'ny 29 marsa 1947, eo ambany fiahian'ny Minisiteran' ny Foloalindahy ary ahitana solontenan'ny andrimpanjakana sy ny minisitera samihafa anjara. Anisan'izany ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Fiadidiana ny Primatiora, ny Minisiteran'ny Serasera, ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny Minisiteran'ny Zandarimariam-pirenena, ny Minisiteran'ny Filaminambahoaka, ny Minisiteran'ny Mponina…Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia hisokatra amin'ny 24 marsa ho avy izao ny fanamarihana ny faha-77-n'ny tolo-panafahana. Anisan'ny hanamarika izany ny fampirantiana, hotanterahina eo amin'ny zaridainan'Anosy. Ny 25 marsa dia ao anatin'ny fandaharam-potoana ny fanatanterahana fotoampivavahana, eny amin'ny fiangonana advantisata Soamanandrariny sy eny amin'ny fiangonana loterana 67 Ha. Araka ny loharanombaovao etsy ambony dia hisy ihany koa ny fizaham-pahasalamana hatao amin'ireo nandray anjara tamin'ny tolopanafahana izay akanga sisa nanamborana. Fizahampahasalamana voalaza fa hitatra amin'ny sekoly maro, manomboka ny 29 marsa ho avy izao. Ankoatra izay dia nahazoam-baovao marimpototra fa hotokanana ihany koa ny Akany Fiadanantsoa, natokana ho an'ireo mpiady tranainy tia tanindrazana, any Moramanga.




Fivorian'ny kômity mpanomana. ( Sary tahiry)

V.R.

Edgard Razafindravahy

# "Tsy maintsy vokarina eto an-toerana ny filan'ny mponina andavanandro"

Mihazakazaka amin'ny fanatanterahana ny politikampanjakana amin'izao fotoana izao ny Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra. Ao anatin'izany ny famokarana eto an-toerana ireo filan'ny mponina amin'ny fiainana andavan'andro. Fomba iray anatanterahana izany ny tetikasa imasoan'ny minisitra Edagrd Razafindravahy sy ny ekipany: ny fametrahana ireo ozinina eny anivon'ny distrika, na ilay antsoina hoe ODOF (One District One Factory). Nanomboka tamin' ny taon-dasa, saika isankerinandro no misy ny fidinana ifotony nataon'ny ministera, nanaterana milina ahafahana manodina ny vokatry ny tantsaha. Maherin'ny 40 izy ireo no tafapetraka, tao anatin'ny 12 volana, tamin'ny taona 2023. Ny volana janoary lasa teo, taorian'ny mbola nametrahan' ny filoham-pirenena sy ny Praiminisitra fitokisana tamin'ny minisitry ny indostria sy ny varotra, hitantana io departementa io dia nampidirina tao anatin'ny programan'asa hovitaina, ao anatin' ny 100 andro ny fanafainganana ny fametrahana ireo mbola tsy tafapetraka, toy ny milina fanodinana rononoho lasa «yaourt» sy «Fromage» ao Moramanga.




**Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana. ( Sary tahiry)**

**Hialna amin'ny fiankinandoha any ivelany !**

Fotodrafitrasa izay tsy mbola nisy tany an-toerana hatramin'izay, nefa dia an'aliny litatra ny ronono vokarin'io distrika io. Toy izany koa ny milina fanodinana tantely ao Manjakandriana, ny milina fanodinana paoma ao Antsirabe, ny milina fanodinana ovy any Betafo. Ato ho ato dia efa hiroso ihany koa ny fametrahana ny milina fanodinana voatabia any Mahitsy. Anisan'ny politikan' ny ministera ao anatin'ny tetikasa ODOF ity ihany koa ny hanomezana ny vahoaka malagasy vokatra zakan'ny fahefa-mividiny nefa tsara kalitao sy manaraka ny fenitra. Anisan'ny efa nahitambokany ohatra ny milina fanodinana voanjo ho menaka, napetraka ao Ankadinondry Sakay. Tsiahivina fa efa nisy tany antoerana ny fanodinana voanjo ho menaka, saingy tanana no nanodinana izany. Mahakasika ny fiakaran'ny vidin'ny siramamy, nanomboka tamin'ny herinandro lasa teo dia nanamarika ny tale jeneralin'ny varotra fa lalànan'ny tolotra sy ny tinady, amin'ny tsena iraisam-pirenena no antony. Niakatra, hoy izy, ny vidiny avy any am-potony, raha nanodidina ny 550 dolara ny taonina teo aloha dia tafakatra 750 hatramin'ny 800 dolara izany ankehitriny ary nisy fiantraikany amin'ny tsena ato anatiny. Nifanandrify indrindra tamin'ny fankalazana ny andro iraisampirenena ho an'ny zon'ny mpanjifa io fiakaran'y vidin' ny siramamy io ka nohamafisin'ny minisitra Edgard Razafindravahy, nandritra ny lahateniny fa vahaolana lavitra ezaka ny fametrahana ny ODOF. Toy izany ihany koa ireo ozinina goavana hamokatra ireo entana ilantsika amin'ny fiainana andavan' andro, mba hilana amin'ny fiankinan-doha amin'ny fanafarana entana avy any ivelany.

**V.R.**

Antoko MFM

# Manohitra ny firosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka

Tsy itovian'ny antoko MFM hevitra amin'ireo antoko politika mpomba ny fitondrana sy mpanara-dia ny Vovonana Firaisankina ny firosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka amin' ny 29 may ho avy izao. Araka ny fanambarana nosoniavin'i Solohery Charles, lohandohan'ny mpisorona eo anivon' io antoko natsangan'i Manandafy Rakotonirina io dia mbola tsy feno ny fepetra hanatanterahana izany latsa-bato izany ka tsy handray anjara izy ireo. Tsy nivilivily io mpanao politika io raha nilaza tao anatin'izany, fa mialoha ny hirosoana amin' io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io dia mila tanterahina aloha ireto teboka manaraka ireto. Isan'izany ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy mba hiantohana ny fahitsiana sy ny tsy fitanilana; ny fanoloana ireo mpikamban'ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny Fifidianana sy ireo mpitsara sivy mianadahy mandrafitra ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, ny firosoana amin'ny fikaonandoham-pirenena.

**Eny an-dalambe**

Eo ihany koa ny fandaniana lalam-pifidianana tokana manaraka ny fenitra demokratika sy ireo lalana iraisampirenena; ny famerana ny vola hampiasan'ny antoko politika na fikambanana na olon-tsotra mandritra ny vanim-potoana fifidianana; ny fampitsaharana ny ramatahora sy ny kiantranoantrano mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana. Notsiahiviny tamin'izany fa tsy vao izao ny MFM no nanao izany fitakiana izany fa efa talohan'ny fifidianana filoham-pirenena farany, kanefa nanao bemarenina sy tsy niraharaha ny tomponandraikitra isan'ambaratongany. Farany, nasian'io antoko politika io resaka ihany koa ireo tranga fisamborana mihatra amin'ireo mpanao fihetsiketsehana an-dalambe tato ho ato. Nahitsy ny MFM raha nilaza tao anatin'izany fa amin'ny maha tany demokratika sy repoblikana an'i Madagasikara dia manana zo haneho hevitra eny an-dalambe ny vahoaka ka tokony hatsahatra izany endrika fampihorohorona izany.

**Mamy R.**

Fanohanana an'i Ukraine

# Nanatanteraka fivoriana maika ny filoha frantsay sy ny " chancelier " alemana

Hiditra amin'ny taona fahatelo ny ady ifanaovan'i Rosia sy Ukraine. Fifandarohana amin'ny alalan'ny fitaovampiadiana mahery vaika izay tsy ahitana vahaolana aradiplômatika, handaminana izany aloha hatreto. Ny zavamisy fotsiny, andaniny, miditra an-tsehatra mamatsy baomba an'i Rosia i Korea Avaratra, raha famatsiana « drônes » kosa no ataon'i Iran. Hatramin'ny omaly dia mbola tsy miditra amin'ny ady aloha i Chine. Ankilany, nanatanteraka fivoriana maika, nandinihana ny fomba hanohanana an'i Ukraine ny filoha frantsay Emmanuel Macron sy ny « chancelier » alemana Olaf Scholz, tamin'ny zoma lasa teo. Tsiahivina fa ny 16 febroary lasa teo no nosoniavina ny fifanarahana teo amin'ny Kiev sy Parisy mikasika ny fanohanana ara-pitaovam-piadiana an'i Ukraine. Fifanarahana izay maharitra 10 taona ary voarakitra ao anatin'izany ny fanomezana fitaovam-piadiana mavesatra sy ny fitaovana hiarovana ny habakabak' Ukraine.

**Tsy misy fetra ny fiarovana!**

Araka ny vaovao avy any an-toerana dia nilaza ny filoha frantsay fa tsy misy fetra ny fiarovana an'i Ukraine. Miteraka resa-be any an-toerana ary toherin'ny mpanohitra marindrano anefa ny soso-kevitra naroson'ny filoha frantsay ny mety handefasana mpitandro filaminana frantsay handray anjara amin'ny fanohanana an'i Ukraine. Marihina fa manohitra io tolo-kevitra io ihany koa i Alemana. Na izany na tsy izany, hentitra ny lahateny nataon'i Macron fa tsy maintsy karohina ny fomba rehetra tsy handresen'i Vladimir Poutine amin'io ady io. Efa miresaka an'i Frantsa ihany dia anatin'ny adihevitra mahakasika ny fisian'ireo takalonaina frantsay 3, voatazona any Gaza ny Reny malala amin'izao fotoana izao. Nanamarika i Emmanuel Macron fa mandeha ny fifampiresahana ary manokana hery hahatongavana amin'ny famotsorana azy ireo i Frantsa.

**V.R.**



**Emmanuel Macron sy Olaf Scholz, nandritra ny fihaonana.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Raharaha SMA - Antananarivo Renivohitra

# Nanao fihetsiketsehana nitakiana ny famoahana ny namany ireo mpiasa

*Efa navotsotra ny roa fa mbola voatazona eny amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ny iray.*


Feno ny kapoakan'ireo mpiasan'ny SMA. (Sary : Kelly R.)

Mbola tsy milamina ny toe-draharaha eo anivon'ny SMA (Société Municipale d'Assainissement). Nitohy ny sabotsy lasa teo, nanoloana ny vavahadin'ny orinasa teny Nanisana, ny fitokonana nataon'ireo mpiasa. Notakian'izy ireo tamin'io fotoana io ny famoahana ny naman'izy ireo iray, izay mbola voatazona any amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana. Efa nikasa hanao diabe hamoaka io namany io eny amin'ny biraon'ny pôlisy ireto farany, saingy efa tonga mialoha teny an-toerana ny mpitandro filaminana, ka tsy tanteraka izany. Tsiahivina fa telo ireo mpiasa voasambotra tamin'ny fihetsiketsehana nataon'ireto farany tamin'ny zoma, saingy efa nalefa nody ny roa. Araka ny fifampiresahana tamin'ny solontenan'ireo mpiasa, omaly alahady hariva, dia mbola tsy nivoaka io mpiasa nosamborin'ny mpitandro filaminana io. Notohizan'ireo mpiasa tamin'io fotoana io koa ny fitakiana ny karaman'izy ireo, izay mbola tsy nivoaka na dia teo aza ny fihetsiketsehana mafy nataon'izy ireo tamin'ny zoma. Nisy ny filanjana sorabaventy milaza fa « Avohay ny namanay » sy « Avohay ny karamanay ».

**Maloto**

Miverina maloto ny tanàna. Nanomboka tamin'ny zoma nisian'ny fitokonana dia miparitaka indray ny fako eto Antananarivo Renivohitra. Nambaran'ireo mpiasa fa tsy handray ny asany izy ireo raha tsy mivoaka ny vola. Ary amin'ity anio ity dia mbola hifamotoana eo anoloan'ny vavahadin'ny SMA izy ireo handinika ny tokony hatao manaraka raha mbola tsy mivaha ny olana. Raha mbola mitohy ity fitokanana ity dia ho very momoka ny ezaka nanadiovana ny tanànan' Antananarivo tao anatin'ny 10 andro. Na izany na tsy izany, mbola sarotra tanterahina ny fanamby hanadio an' Antananarivo amin'ny ankapobeny. Mipetraka ho sakana ny tsy fahampian'ny hoenti-manana eo anivon'ny SMA. Ohatra amin'izany ankoatra ny resaka karama ny tsy fahampian'ny solika hanetsehana ireo kamiao mpanala fako. Eny fa na ny teo anivon'ny kaominina aza efa nilaza fa tsy vita ao anatin'ny 10 andro ny fanadiovana eto an-dRenivohitra amin'ny ankapobeny.

**R. Muray**

Tetikasa Elatra sy Tantsoroka

# Tanjona ny hampahaleo tena ireo vehivavy niharan' ny herisetra


Ireo tomponandraikitra amin'ny tetikasa Elatra sy Tantsoroka.

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy ny fisian'ny fikambanana roa, Tantsoroka sy Elatra, izay nahazo famatsiam-bola avy amin'ny "Affaire mondiale Canada". Tanjon'ny roa tonta ny hanohana sy hanampy ireo vehivavy sy ankizy niharan'ny herisetra amin'ny lafiny rehetra. Anisan'izany ny fanampiana azy ireo mba hanana fahaleovantena. Araka ny fanazavan'i Onjaniaina Riambelo Rasamimanana, tomponandraikitry ny ONG misahana ny tetikasa Elatra: *"150 ireo vehivavy hisitraka mivantana ny fiofanana omenay. Niharan'ny herisetra izy ireo na tratran'ny fanamarihana olona. Ofanina ara-teknika, etika, fomba fiasa ary tohanana ara-psikolojika daholo izy rehetra ireo. Tsy mijanona eo fa hiaraka hiasa amin'ny sehatra tsy miankina ihany koa izahay amin'ny fitadiavana asa.* "Mbola misy ihany koa fanentanana ireo olobe sy mpitarika eny amin'ny fiarahamonina mikasika ny zon'ny vehivavy. Ho an'ny tetikasa Tantsoroka kosa indray, araka ny fanazavan'i Tahiry Malalaniaina dia *"vehivavy 20 no hahazo vatsimpianarana hahafahany manao izay asa tiany haoriana kely ao. Maharitra 22 volana ny tetikasa ka efa tokony hahaleo tena tanteraka izy ireo aorian'izay fotoana izay. Afaka manangana ny orinasany manokana na itadiavanay asa mifanaraka amin'ny fiofanana nataony izy rehetra."* Sarotra tokoa ny fiverenana eny anivon'ny fiarahamonina ho an'ny sokajin'olona niharan' ny herisetra, indrindra raha mafimafy ny dona nahazo azy. Azo arenina tsara anefa ny fiainany mba ho tanteraka ilay hoe : na niharan'ny herisetra aza aho, vitako ny nanarina ny fiainako sy manampy ny hafa.

**Nath**

## Taratasy ho an-dRamala

### "Lalan-dririnina" !

Any Ramala,

Mbola tsy tapitra tanteraka ny fahavaratra Ramala na dia somary efa nihantona aza ny oram-baratra ankehitriny. Ny tena marina dia azo lazaina ho efa mamaramparana isika amin'izao. Iaraha-mahita ihany koa ny fahasimban'ny lalana, na an-tanàn-dehibe io na lalam-pirenena. Fantatra izao fa hanomboka ny fanamboarana ireo lalana simba ireo. Tsy miandry ny fahavitan'ny lalana anefa ny fivezivezen'ny fiara fa mandeha foana na eo aza ny fahasimbana. Raha ny tokony ho izy dia amin'ny fotoanan'ny ririnina vao maina ny lalana na mbola tsy ho vita tanteraka aza. Fa misy koa ireo zatra ny lalan-dririnina ka fahavaratra avy no manao hitsindalana. Ny fahazaran-dratsy eo amin'ny fampiasana fiarampanjakana hanaovana raharaha ho an'ny tena manokana no tiana hotenenina amin'izany, Ramala. Zavatra efa nisy teto amin'ny tanintsika tany aloha teto izy io, kanefa mbola misy manao foana hatramin'izao. Nanambara sahady ny zareo manampahefana mpitsara ny fifidianana eto amintsika, Ramala, fa hisy ny fanesorana an-daharana izay olona milatsaka hofidiana tratra mampiasa fiarampanjakana. Amin'ny fifidianana izay, fa eo amin'ny raharaha andavanandro dia ahitana tranga fampiasana fiarampanjakana io. Tsara ilay fampitandremana saingy moa tsy didy efa nipetraka teto amintsika tany aloha ka hatramin' izao ve io, Ramala ? Saingy, toa tsy rahararahain'ny sasany mba tsy hilazana hoe tsy ampiharina ilay izy? Dia ho hita eo indray ny fampiharana izany amin'ny ho avy eo. Izay aloha no hamaranana azy, Ramala, fa amin'ny manaraka indray ny tohiny.

**Ragasy**

WWF

# Miasa roa taona ny filankevitra vaovao


Miasa mandritra ny 2 taona ireto filankevitry ny WWF ireto.

Tsy mitsahatra miaraka miasa amin'ny fikambanana na vondrin'olona maro samihafa ny WWF tao anatin'izay 60 taona nisiany teto amintsika izay. Tanjon'izy ireo ny hampiato ny fandringanana ny tontolo iainana ary mamorona ho avy tsara mba hahafahan'ny olona miaramiaina amin'ny tontolo milamina. Tsy ho tratra anefa izany raha tsy misy ny fiaraha-mientana amin'ny rehetra. Nivoatra ny sehatra amin'ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra ary nanaraka izany ihany koa ny WWF. Tamin'ny 2023 no nijoro ny filankevitra manokana fakan-kevitra ho fanamafisana ny asa. Mpilatsaka antsitrapo izy ireo ary miasa amin'ny anaran'ny tenany manokana avokoa, ary nosokajiana ho naman'ny WWF. Io filankevitra io dia manana anjara asa hanohana ny WWF mba hanatratra ireo tanjona, dia ny fitantanana ny harena voajanahary araka ny tokony ho izy sy ho amin'ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy. Eo ihany koa ny hanetsehana ny mponina amin'ny fitandroana sy fiarovana ireo harena voajanahary ireo. Maharitra roa taona ny fe-potoana hiasany ary 8 mianadahy ny mpikambana ao aminy. Mitarika izany i Hanta Ramakavelo, Sanda Anjara Rakotomalala, Barijaona Ramaholimihaso, Jean Chrysostome Rakotoary, Horace Gatien sy ny maro hafa.

**Nath**

" Tsenaben'ny fizahantany "

# Maherin'ny 2 000 isan'andro ireo tonga nitsidika

*Hotanterahina indroa na intelo isan-taona.*



Nahaliana ireo mpitsidika ny namantatra ireo toerana vaovao azo anaovana fizahantany.

Tontosa teny amin'ny zaridainan'Antaninarenina tamin'ny 15 sy 16 marsa lasa teo ny « Tsenaben'ny fizahantany », andiany fahafito. *"Tratra ny tanjona. Mitombo hatrany ireo olona tonga mitsidika ity hetsika fampirantiana ho an'ny fizahantany anatiny ity. Maherin'ny 2 000 isan'andro ireo mpitsidika tonga. Mitombo hatrany koa ireo mpandraharaha mandray anjara. Tsiahivina fa taorian'ny "Covid-19" no nametrahana azy mba hampiroboroboana ny fizahantany anatiny. Hita fa nisy fiovana ny fomba fanaovan'ny Malagasy fialan-tsasatra, satria lasa liana amin'ny fitsidihana valan-javaboary sy toerana manan-tantara. Niakatra 30 isan-jato mahery ny Malagasy nitsidika valan-javaboary. Ireo mpandraharaha koa miezaka amin'ny fanomezana tolotra mifanaraka amin'ny fahefamividin'ny mpanjifa."*, hoy ny Minisitry ny Fizahantany sy ny Asa Tanana, Randriamandranto Joël. Tonga nanao fitsidihana teny an-toerana ny tenany, omaly. Araka ny lalan-tsaina nitondran'ny teo anivon'ny Ofisim-pirenena misahana ny fizahantany eto Madagasikara, na ny ONTM, miaraka amin'ny Minisitera, ity hetsika ity tany am-boalohany dia indroa na intelo isan-taona no ezahana hanatanterahana azy. Voalohany ny tamin'ity taona ity, ary mbola hisy ny andiany manaraka. Anisan'ny ezaka hafa ataon'ny roa tonta hisintonana mpizahatany malagasy koa ny fanatanterahana hetsika maro samihafa, toy ny "Festival" sy ny lanonana manokana raha tsy hilaza afa-tsy ny "Nosy Boraha Jazz Festival", izay hotontosaina manomboka ny 25 marsa ka hatramin'ny 1 aprily ho avy izao.

### Hanokatra tsena

Vao avy nanatrika ny hetsika ara-pizahantany iraisampirenena goavana, na ny "Holiday & SPA International Tourism Fair", andiany faha-40 tany Bulgarie ny delegasionina notarihin'ny Minisitry ny Fizahantany sy ny Asa Tanana. Araka ny tatitra nataon'ny minisitra dia tena liana ny momba an'i Madagasikara sady te handeha aty amintsika ireo mpitsidika nandalo ny tranoeva nisy ny firenentsika. Efa natomboka tamin'ny novambra 2023 rahateo ny fampanofana sidina ara-barotra mampifandray an'i Nosy Be amin'ity firenena ao Atsimo Atsinanan' i Eôrôpa ity. Nitombo avo telo heny ny mpizaha tany avy any Eôrôpa Atsinanana raha nampitahaina ny tamin'ny taona 2019 sy ny tamin'ny 2023. Mahatratra eo amin'ny 10 ireo sidina avy any Bulagarie andrasana ho avy amin'ity taona ity. Ankoatra ny fanokafana ny tsenan'ny fizahantany malagasy tany Eôrôpa Atsinanana dia nambaran'ny Minisitra fa hosokafana amin'ity taona ity koa ny any Inde.

**R. Muray**

FISEMARE

# Manan-jo hisitraka fiahiana ara-pahasalamana sy ara-tsosialy ny mpanasa lamba



Nizara savony sy vovontsavony ho an'ireo mpanasa lamba manodidina an'Antananarivo renivohitra ny FISEMARE, ny sabotsy teo.

Nijery manokana an'ireo mpiasa tena mivelona amin' ny fanasan-damba ny FIraisamben'ny SEndika MAlagasy REvolisionera (FISEMARE). Ny faran'ny herinandro teo, nizara savony sy vovon-tsavony ho an'ireo mpanasa lamba any anaty fokontany 50 manodidina an'Antananarivo renivohitra izy ireo ka manodidina ny 300 eo no nisitraka izany. Ny fiaraha-miasan'ny sendika tamin'ireo orinasa mpiara-miombon'antoka nanolotra fanampiana narahin'ny tsipaipaika nataon'ny mpikambana no nahafahan' izy ireo nanatontosa ny hetsika. Tanjon'ny FISEMARE amin'ity ny hahazoan'ny mpiasa tena misitraka fiahiana ara-pahasalamana sy fiahiana ara-tsosialy ka nosantarin'izy ireo tamin'ny fanampiana sy fanentanana an'ireo mpanasa lamba ny hetsika amin'izao volana fankalazana ny 08 martsa, andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy izao. « *Sarotra ho an'ny mpanasa lamba ny handoa latsak' emboka isam-bolana amin' ny fiahiana ara-pahasalamana raha ny karama raisiny isan'andro no jerena, ka anjaranay ny mitady mpiara-miombon'antoka hanampy azy ireo amin'izany sy miady ho azy ireo ho ara-panjakana ahafahany misitraka ny zony.* », hoy ny sekretera jeneralin'ny FISEMARE, Atoa Mananandro Jean Raphael. Araka izany, dia miantso ny fanjakana mba hijery manokana an'ireo mpanasa lamba ny FISEMARE ary milaza ny mbola hanohy sy hanamafy ny hetsika rehetra mifanaraka amin'izany.

**Niry R.**

Rano sy fidiovana ary fanadiovana

# Nampitovy fomba fijery ireo mpisehatra

*Maro ireo asa hotanterahina amin'ny fanatrarana ny tanjona iombonana.*

Tafiditra ao anatin'ilay 100 andro voalohan'ny governemanta ny fanatsarana ny fisitrahan'ny vahoaka rano fisotro madio sy fidiovana ary fanadiovana. Tamin'ny zoma lasa teo, nisy ny fivoriana niarahan'ireo mpiara-miombona antoka miasa eo amin'ity sehatra ity sy ny Minisiteran'ny Rano sy ny Fidiovana ary ny Fanadiovana teny Anosy. Napetraka ho tanjona ny fandrindrana ny asa momba ity sehatra ity mba hahafahana mandrindra ny asan'ny mpisehatra rehetra. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana sehatra iray mba hisian'ny fitoviana eo amin'ny fomba fijerin'ny rehetra amin'ny fanatrarana ny tanjona iombonana, dia ny fanatsarana ny fahafahan'ny mponina misitraka rano fisotro madio sy fanadiovana ary fidiovana. Ny lehibe indrindra dia ny fametrahana rindran-damina tsaratsara kokoa eo amin'ny mpisehatra samihafa mba hizoran'ny asa rehetra ataon'ny Minisitera amin'ny tanjona iraisana. Nokendrena tao anatin'ity fihaonana ity koa ny famolavolana drafitrasa iraisana hoentina manetsika ireo loharanom-bola samihafa eo amin'ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana ary ny fidovana. Hampifanaraha amin'ny andry napetraky ny Governemanta ao anatin'ny 100 andro sy enim-bolana voalohany ity drafitrasa ity. Io loharanom-bola io araka izany no hotrandrahina amin'ny fanatanterahana ireo fandaharanasa sy tetikasa laharam-pahamehana. Voafaritra ao anatin'ny Pôlitika ankapoben'ny fanjakana, na ny PGE, rahateo ny fampifanarahana ny ezaka amin'ny fanetsehana ireo loharanom-bola amin'ny laharam-pahamehana, izay hoentina manatsara ny fampiasam-bola sy manatratra amin'ny fomba mahomby ireo tanjona napetraka.

### Rafitra mpanara-maso

Nokendrena tao anatin'ity fihaonana ity koa ny hamelomana ny rafitra fanaraha-maso sy fandrindrana ny tetikasa sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana. Ny fisian'ny rafitra mpanara-maso mahomby ohatra dia manamora ny fanaovana tombana momba ny fiantraikan'ny asa vita sy ny fanitsiana ny paikady mifanaraka amin'izany. Miantoka ny fitantanana mahomby ireo tetikasa sy ny fiaraha-miombona antoka koa ny fanomenzan-danja ny fandrindrana eo amin'ireo mpisehatra samihafa. Ireo rehetra ireo no mitambatra dia mitondra vokatra tsaratsara kokoa any amin'ny mponina. Raha atao bango tokana ny fihaonana tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, dia natao hanamafy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny mpiara-miombona antoka eo amin'ny sehatry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana andaniny, sy hanatsarana ny fisitrahan'ny vahoaka ny tolotra eo amin'ity sehatra ity ankilany.

**R. Muray**



Ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, Ravokatra Fidiniavo, miaraka amin'ny solontenan'ireo mpiara-miombona antoka.

midigazetikom@gmail.com

# Teny rehetra teny

Nangonin'i Fy

*Maro ny hetsika sy vaovao kolotoraly nisongadina nandritra ny faran'ny herinandro iny. Sombiny amin'izany ireto asehonay an-tsary ireto :*



Nihaona teny Alasora ny tarika Iraimbilanja, Kiaka, Green, Ambondrona, Mage 4 niaraka tamin'ireo mpankafy vitsivitsy, ny tontolo andron'ny sabotsy teo niara-nitafa, nikorana, nifampizara noho ny fahatrarana ny taona vaovao.



Nafana ny fampiarahampeo tamin'ny tarika Mahaleo tetsy amin'ny kianja maitso Antsahamanitra omaly tolakandro. Mbola tsy lefy laza ny tarika hatramin'izao, raha ny fahamaroan'ireo namaly ny antso no asian-teny.



Nafotaka ny adin-kiragasy nifanaovan'ny tarika Ramilison Besigara zanany sy ny tarika Rasoalalao kavia avy any Ampahimanga, omaly tontolo andro, tetsy amin'ny Kianjan'ny Kanto Mahamasina. Tomefy olona ny kianja nijery ireto fihaonan'ny andrarezina ireto.



Nanjaka ny hiram-pitiavana nandritra ny fiakarana an-tsehatra notanterahan'i Solo Andrianasolo tao amin'ny Karibotel Analakely ny harivan'ny sabotsy 16 martsa teo. Afa-po avokoa ireo nanatrika sy ny mpanakanto tamin'izany.



Ambiansy niavaka tanteraka ny fiarahan'ireo mpankafy azy tamin'i Nate Tex tetsy amin'ny Piment Café nandritra ny fialambolin'ny zoma manifika teo.



Mandalo tsy fahasalamana i Tovo J'Hay amin'izao fotoana izao. Nilaza izy fa hiato kely aloha ny fiakarana an-tsehatra ato ho ato.

Tsenaben'ny zavamaniry

## Amin'ny 25-28 avrily etsy Mahamasina



Ny fahaiza-manaon'ny mpikarakara no naharesy lahatra itony mpampiranty itony.

Tapitra hatreo ny ahiahy ! raikitra ary hotanterahina amin'ny 25 hatramin'ny 28 avrily ho avy izao etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ilay tsenaben'ny zavamaniry sy ny tontolo manodidina azy. NambarandRakotojaona Baholisoa, tomponandraikitry ny La Page mpikarakara ny hetsika, fa noho ny antony tsy niankina tamin'izy ireo no nahatonga izao fanemorana izao, izay tokony ho natao ny 18-21 avrily. Na eo aza izany dia vonona ny mpikarakara, efa sasa-miandry ny andro ihany koa ireo mpampiranty, izay mbola samy naneho ny faharisihana ny hampiranty ireo vokatra tsara indrindra avy aminy. Tsorina fa noho ny fahaiza-manaon'ny mpikarakara no naharesy lahatra ireto mpampiranty ireto, izay matihanina tanteraka amin'ity sehatry ny zavmaniry ity. Saika mbola nanohana ny antso sy tazana anatin'ireo lisitry ny handray anjara amin'ity andiany faharoan'ny tsenaben'ny zavamaniry ity avokoa ireo mpampiranty tamin'ny andiany voalohany. Tsiahivina fa ho hita mandritra ny 4 andro hizoran'ny fampirantiana ireo tontolo manodidina ny zavamaniry sy ireo vokatra voahodina avy aminy. Ny hanomezana fahafaham-po ireo mpitsidika no tena tanjon'ny mpikarakara, sy hanomezana ny mpamboly sy ireo misehatra amin'ny asa fikirakirana ny zavamaniry. Eo am-piandrasana izany, ireto avy no efa nanambara ny ho fandraisany anjara amin'ity andiany faharoa ity, ahitana ny Hatsarana, Mam's Anthurium, Vola Voninkazo, Bonsaï Ben, Mada Cactiis, Rian'Ala, Succulents Addict, Mi Florist, Valie Razafy, Masomboly Madagascar, Site Permacole, Andrin'ny Aina, Centre Laféminа, House and Garden, Maitsoanala, KALI, Cuisine Parfaite, L'S Création, Biofood Madagascar, Écolieu Tanysaha, Fanarenana Andramasina, Mamenosoa Déco, Cla's Fashion & Déco, Nosy Rakoto, Rian'ala Voninkazo, Fanarenana Wisdom, Vonihanta Voninkazo...

*Ho hita mandritra ny 4 andro hizoran'ny fampirantiana ireo tontolo manodidina ny zavamaniry sy ireo vokatra voahodina avy aminy.*

**Rabenaivo**

Trail d'Ibity - Andiany faha-8

## Mihoatra ny 2 000 ny isan'ny mpandray anjara andrasana

*Hitadiavam-bola hanampiana ireo ankizy ianjadian'ny tsy fahampian-tsakafo ity hetsika ity.*



Sady hifaninana no hankafy ny hakanton'ny natiora any Ibity indray ireo mpandray anjara.

«Andao hihazakazaka ho amin'ny tanjona ambony ary hitondra fiovana marina, ho an'ny fiainan'ireo olona tohanan'ny fikambanana Antenna Madagascar ». Io no hafatra hampitain'ny mpikarakara amin'ity andiany faha-8 amin'ny « Trail d'Ibity ». Mihoatra ny 2000 ny isan'ny mpandray andrasana amin' ity, ka ny 7 avrily ho avy izao any Ibity Antsirabe no hanatanterahana azy. Ankoatra ny fifaninanana, ny fankafizana ny Natiora sy ny hakanton'ny tontolo iainana amin' iny kaominina iny, natao hitadiavam-bola hanampiana ireo ankizy ianjadian'ny tsy fahampian-tsakafo ity hetsika ity, ary ao Ibity moa no misy ny trano fitaizana azy ireo. Hampisy fahatsiarovana tsara ity fifaninanana ity, nanokatra lalam-baovao mirefy 30km ny mpikarakara miampy fanomezana amboara ho an'ireo orinasa mpifaninana. Hisy hatrany ny fivarotana « t-shirts" hatao fahatsiarovana. Hisy koa ireo tranoeva eny an-toerana, hahafahan'ny ankizy miala voly sy milalao. Tsy hisy fiovana firy ny fifaninanana amin'ity andiany faha-8 ity, toy ny hazakazaka mirefy 30km sy ny 12km, natokana ho an'ireo olona manana tanjaka sy herim-batana. Eo koa ny hazakazaka 2km, natokana ho an'ny ankizy sy ireo olon-dehibe. Hanamarihana ity andiany ity dia ireo mpihazakazaka rehetra tafiditra eo am-pahatongavana dia mahazo amboara avokoa, ho fankasitrahana ny fahavitany ilay fifaninanana. Efa misokatra ny fisoratana anarana etsy amin'ny ORTANA, Antaninarenina isan'andro manomboka amin'ny 9 ora maraina hatramin'ny 5 ora hariva, sy any Antsirabe, biraon'ny ORTVak anatin'ny CCI Chambre de Commerce Gare. Amin'ny 30 martsa kosa no mifarana ny fandraisana ny anaran'ireo handray anjara.

**Rabenaivo**

Groupe Berthin - 10 taona

## Olona an'arivony no nanatrika ny lanonam-pamaranana



Nisy ny fanapahana mofomamy ho fanamarihana ny taom-pankalazana.

Notanterahina tetsy amin'ny foiben-toerany, Malaza Andoharanofotsy, omaly, ny lanonam-pamaranana ny faha-10 taona nitsanganan'ny fikambanana « Groupe Berthin ». Manodidina ny 3 000 ny isan'ireo olona tonga nanatrika izany, izay solontena ihany avy amin'ireo kaominina 26 iasan'ny fikambanana. Nambaran'ny filoha mpanorina, Randriamihaingo Berthin, fa ny lafiny sosialy, spaoro ary ny fanabezana no tena nahafantarana ny Groupe Berthin. Nampanantena ny tenany fa hotohizina izany mndritra ny 10 taona manaraka indray. Ankoatra izay, betsaka ireo fikambanana miara-miasa amin'izy ireo. Anisan'izany ny fikambanana Andry sy Fototra ho an'ny Fampandrosoa, izay nampitombo hery ny « groupe Berthin » ny fanohanany. Manana ny tarigetrany mazava moa ity fikambanana ity, izay mivoy ny soatoavina mba hananana olom-pirenena vanona sy azo itokisana. Manaja ny fahasamihafana ihany koa izy. Fampandrosoana ny ara-tsosialy sy ara-kolontsaina koa no anisan'ny sahan'asany, ka miezaka manome tohana sy vatsim-pianarana ny mpianatra, manampy ara-pitaovana ireo marefo. Tsy nohadinoiny koa ny manome fiofanana amin'ny haitao ara-kajimirindra, izay tafiditra ao anatin'ny fampandrosoana nomerika. Miara-dalana amin'izany ny fampiofanana ireo tanora amin' ny fanaovana fotodrafitrasa, izay singa iray mitondra amin' ny fampandrosoana. Nisy fivoriana tsy ara-potoana nataon'ny « Groupe Berthin » tamin'ny 25 febroary lasa teo, ka mbola nanome fitokisana indray hitantanan-d Randriamihaingo Berthin ny fikambanana.

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

Karaks




## Hatsikana an-tsary

Devant




## Masoandro Miposaka

**Deoteronomia 30 : 15-16**


Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza, tamin'ny nandidiako anao androany ho tia an'i Jehovah Andriamanitrao ka handeha amin'ny lalany ary hitandrina ny didiny sy ny lalàny ary ny fitsipiny, mba ho velona ianao ka hihamaro, ary mba hitahian'i Jehovah Andriamanitrao anao any amin'ny tany izay efa hidiranao holovana.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Lany an-tetiny toy ny rano am-paladia.**

Qui disparaît (est épuisé) petit à petit, comme de l'eau sous la plante des pieds.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3199**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | | 5 | 9 | | | | | |
| | | | 3 | | | | 8 | |
| | | | | 5 | | 6 | | |
| 7 | 5 | | 8 | | 1 | | 6 | |
| 9 | | | | | | | | |
| | | | | 9 | | | | 8 |
| | | | 1 | | | | | |
| 5 | 9 | 4 | | | | 1 | | |
| 1 | | | | 2 | 7 | 3 | 9 | |

Valin'ny laharana **3198**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 3 | 2 | 6 | 9 | 7 | 5 | 8 | 1 |
| 7 | 9 | 1 | 2 | 8 | 5 | 6 | 3 | 4 |
| 8 | 6 | 5 | 1 | 3 | 4 | 7 | 2 | 9 |
| 1 | 2 | 7 | 9 | 6 | 3 | 4 | 5 | 8 |
| 3 | 5 | 4 | 7 | 1 | 8 | 2 | 9 | 6 |
| 6 | 8 | 9 | 4 | 5 | 2 | 1 | 7 | 3 |
| 2 | 7 | 8 | 3 | 4 | 6 | 9 | 1 | 5 |
| 5 | 1 | 6 | 8 | 2 | 9 | 3 | 4 | 7 |
| 9 | 4 | 3 | 5 | 7 | 1 | 8 | 6 | 2 |

" Espace Jeune Entrepreneur "

## Nitantana ireo tanora liana handraharaha

Notanterahina tamin'ny 15 sy 16 marsa lasa teo, teny Antanimena, ny « Espace Jeune Entrepreneur », andiany faha-12. Tanora 60 manana tetikasa no nahazo tantsoroka nandritra ny roa andro, izay hitohy mandra-pahatsangan'ireto farany ny orinasany. Tamin'ny andro voalohany, nisy ny famelabelaran-kevitra mikasika ny fitantarana ny dingana sy ny sedra nolalovan'ny mpandraharaha iray. Nampianarina nandrafitra hevitra ho lasa tetikasa feno ireo tanora taorian' izany. Tamin'ny andro faharoa kosa no nanaovana ny fampiharana ireo torolalana sy tolo-kevitra azon'ireo tanora tamin'ny andro voalohany. Nanao andrana tamin'ny fandrafetana ny tetikasany ireto farany taorian'io dingana io ary nitondra ny tetikasany tsirairay avy teo anatrehan'ireo mpandraharaha matihanina tamin'ny farany. Tonga nanatrika ny lanonam-panokafana ity hetsika fampiroboroboana ny fandraharahana ity ny solontena avy amin'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana sy ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahatena.

**R. Muray**

Ambatondrazaka

## Ankizy 16 taona naolan'ny raikeliny

Ankizivavy 16 taona no naolan'ny raikeliny ka ny 13 martsa lasa teo no voasambotry ny polisy tany Ambatondrazaka ilay lehilahy voarohirohy. Miara-mipetraka amin'ny reniny sy ny raikeliny razazavavy. Rehefa tsy eo ilay renim-pianakaviana dia hararaotan-dralehilahy anamparany ny filan-dratsiny ilay zana-badiny. Efa fanaony amin-drakalakely mihitsy izany, satria tsy vao sambany fa efa inefatra no naolany iilay ankizy. Raha mba nitaraina tamin-dreniny ilay ankizivavy dia tsy noraharahainy fa vao mainka aza norahonany hogadraina fa hoe manala baraka. Fa ilay lehilahy no narovany. Rehefa nisy nametraka fitoriana mikasika ity trangana fanolanana ity dia io voasambotra io ralehilahy. Taorian'ny niakarany fampanoavana ny zoma lasa teo dia naiditra am-ponja vonjimaika izy.



Ilay lehilahy voasambotra.

**T.H**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 592 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Voanjobory sy ravimboatavo

**Zavatra ilaina :** voanjobory lena voavaofy 3 kapoaka, ravimboatavo ½ kilao, voatabiha 2 voatetika, tongolo egypta 2 voatetika, menaka 2 sotro, sira.

**Fomba fikarakarana azy :** ampangotrahana ny rano dia arotsaka ny voanjobory voasasa. Esorina ny kiran'ny ravimboatavo. Sasana ny ravimboatavo, kosehina amin' ny tanana dia tetehina. Arotsaka ao amin'ny voanjobory. Asiana sira rehefa malemy ny voanjobory. Endandasina ny voatabiha sy ny tongolo ary ny sira. Afangaro amin'ny voanjobory ny lasaosy.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

Mpianatra ho zandary andiany faha-78

# Haseho ambany faneva any Ambositra anio



Maro ireo sedra tsy maintsy hatrehin'ireo mpianatra ho zandary.

Hanatanteraka lanonana ara-miaramila makotroka ny EGNA, na ny Sekolin'ny zandarimariam-pirenena Ambositra. Anio no hanehoana ambany faneva ireo mpianatra ho zandary 1 199, ao anatin'ny andiany faha-78. Efa nanao fiofanana aramiaramila nandritra ny 90 andro izy ireo vao tonga tamin'izao dingana izao, izay entina hanambarana fa tena miaramila marina. Ao anatin'ny herintaona hanaovan'izy ireo fiofanana ao amin'ity sekolin'ny zandarimariam-pirenena ity no hanovozan'izy ireo ny fahalalana rehetra mikasika ny asan'ny zandary mba hoentin'izy ireo misehatra eny an-kianja. *"Ireo mpianatra ho zandary afaka tamin'ny dingana faharoa tamin'ny fifaninana nasionaly no miofana eto amin'ny sekoly. Mandalo sedra maro izy ireo rehefa tonga ato. Tafiditra ao anatin'izany ohatra ny fisedrana hatsiaka, hafanana, hanohanana, fijaliana, sns. Tsy ny fanana herim-batana loatra ny tena zava-dehibe fa izay mahakiry ihany no tonga hatramin'ny farany. Beazina ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy izy ireo rehefa tonga ato. Tsy maintsy manao hazakazaka amin'ny halavirana 8 Km isaky ny sabotsy miaraka amin'ny barda 11 Kg ho an'ny lahy ary 8 Kg ho an'ny vavy. Mianatra maraina sy hariva ihany koa isan'andro ary misy ny fandalinana anaty efitrano fianarana isaky ny amin'ny 7 ora hariva. Tsy maintsy miditra am-piangonana ihany koa ireo mpianatra ho zandary isaky ny alahady maraina. "*, hoy ny komandin'ny EGNA, Jly Ranaivonampoizina Harilaza. Nohamafisin'ity manam-boninahitra ity fa natao ho an'ny olon-drehatra ary madio sy mangarahara tanteraka ny fifaninana hidirana ho zandary. Misy ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny asa sy ny asam-panjakana ary ny fampanana asa sy ny lalàna sôsialy sy ny BIANCO, na ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly, manomboka amin'ny fikarakarana ny fifaninanana ka hatramin'ny famoahan'ny anaran'ireo afaka.

**R. Muray**

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Kitra - " Fenêtre FIFA 2024 "

# Tsy ho tonga hifaninana i Marco Ilaimaharitra sy Lapoussin ary Fabien Boyer

*Ny fanaovana fifaninanana iraisampirenena dia misy fiantraikany amin'ny filaharana omen'ny FIFA, ka tsy azo atao ambanin-javatra mihitsy ny fihaonana rehetra atao aminy.*



Hahita Barea amin'ny endriny vaovao ny mpitia kitra !

Efa masaka ny lohan'omby amin'ny fandraisana an'i Burundi sy Botswana ary Rwanda eto amintsika amin'ny fiatrehana ny lalao arapirahalahiana iraisampirenena, tafiditra ao anatin'ny fandaharana « Fenêtre FIFA », natokana ho an'ny ekipampirenena. Momba ny Barea de Madagascar manokana, dia i Marco Ilaimaharitra (Sporting Charleroi/BEL) sy Loïc André Terry Lapoussin (RU St Gilloise/BEL) ary Fabien Boyer (JS Saint Pierre / REU) irery ihany no fantatra fa tsy ho tonga hiatrika ny fifaninanana, eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina, izay hanomboka amin'ny zoma 22 martsa 2023 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alatsinainy 25 martsa 2024. Araka izany dia izy telo mirahalahy ihany izany no tsy ho tonga amin' ireo mpilalao 33, izay nantsoin'ny mpanazatra Rakotondrabe Félix Romuald " Rôrô" hanao fampivondronana. Voalaza fa noho ny antony tsy miankina amin'ny tekinisianintsika no tsy hahatongavan'izy ireo. Voavaly my ahiahin'ny mpanaraka baolina kitra fa nisy ny resaka nifanaovan'ny mpanazatra tamin'ny nangalana an'ireo mpilalao mila ravinahitra avy any ivelany ireo. Tokony ho tonga omaly eto an-tanindrazana ireo " expats " fa misy mbola miatrika lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena ataon'ny ekipa ilalaovany tamin'ny faran'ny herinandro iny. Ireo mpilalao eto antoerana kosa dia efa niatrika fampivondronana tany Mahajanga. Mialoha ny fihaonantsika amin'ny ekipampirenen'i Burundi anefa dia voalaza fa higadona eto andrenivohitra avokoa izy ireo. Anterina fa ny fanaovana ny " Fenêtre FIFA " irery ihany no fotoana hanaovana ny fampivondronana ny mpilalao manantevin-daharana ny ekipam-pirenena. Ny fanaovana ny fifaninanana iraisampirenena toy izao, dia misy fiantraikany amin'ny filaharana omen'ny FIFA ka tsy azo atao ambanin-javatra mihitsy ny fihaonana rehetra atao aminy.

**Tohanana ara-bola ny Barea de Madagascar**

Mikasika ny fidirana eny amin' ny kianjaben'i Mahamasina dia hentitra ny fepetra noraisin' ny mpitantana ny federasionina Malagasy (FMF), miaraka amin'ny mpitandro ny filkaminana. Hosokafana avokoa ny varavarambe fidirana ao anatiny, isorohana ny mety hisian'ny fifanosehana ka hitarika loza ho an'ny mpijery baolina. Efa fantatra ny vidim-pidirana sy ny toerana hivarotana ny tapakila. Mialoha ny hanaovana ny lalao faharoa amin'ny alatsinainy 25 martsa 2024 dia hanatanteraka " Soirée de Barea " amin'ny sabotsy 23 martsa 2024, eny amin'ny ' Centre de Conférence International " eny Ivato, ny mpitantana ny FMF, iarahana amin'ny ekipam-pirenentsika sy ireo vahiny mandray anjara amin'ity « Fenêtre FIFA » ity. Izany hetsika izany no atao dia entina mitady vola, anohanana ny Barea de Madagascar amin'ny fifaninanana iraisampirenena atrehiny. Ankoatra ny lalao fifanintsanana amin' ny Mondial 2026, izay hatao amin'ny volana jona 2024, dia mbola ho avy ihany koa ny CHAN sy ny CAN. Tsara hofantatra ny vidim-pidirana natokana ho an'ny olo-manankaja, izay mitsinjara tahaka izao : VVIP : 1.000.000 Ariary ; VIP : 500. 000 Ariary : Fanasana : 200.000 Ariary. Ny vidim-pidirana natao ho an'ny daholobe eny amin'ny « gradin » kosa indray dia 10.000 Ariary.

**aris rafaly**

## TSIPAKA

Tafiditra tamin'ny andiany faha-10 ny fanatanterahana ny fifaninanana basketball, natokana ho an'ny toeram-pampianarana ambony sy ny oniversite eto an-drenivohitra (Tournoi Inter-Institut de Basket-ball), teny amin'ny lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina, kanefa efa misy tonga nandray anjara ihany koa avy any amin'ny faritra, toa an'i Matsiatra ambony sy Vakinankaratra, ary azo veroka fa hitatra izany amin'ny taom-pilalaovana manaraka. Raha ny lafiny fikarakarana aloha no ambara dia aleo tsorina fa raitra no sady manarapenitra tsara ao anatin'ny tena ankafizan'ny tanora " mpikifa " ny taranja basket-ball azy soa aman-tsara. Efa mba mifanahantsahana tsy mena mitaha amin'ny fifaninanana amin'ny NBA any Etazonia, hoy ny be vazivazy.

### Tafiditry ny mersenera hoe !!!

Saingy ! Eo amin'ireo mpilalao mpifaninana eny ambony kianja no nandrenesana fitarainana sy fanakianana, izay voalaza fa misy tsy mpianatra intsony ny sasany amin'ireny ivon-toeram-pampianarana ambony ireny fa mampiasa mpikaramanady. Azo heverina ihany koa anefa fa mety ho fanaratsiana, entina handotoana ny mpikarakara fotsiny ihany izany. Eo amin'izay lafiny izay indrindra dia taomina ny sain' ny tomponandraikitra, hanao fanadihadiana lalina mikasika an'izany, fa mety hanaratsy endrika an'ity fifaninanana ity amin'ny taom-pilalaovana manaraka. Ny fandio iray siny, hono, mantsy mety tsy hahaleo ny fandoto iray tandroka ! Taranja tena ankafizin'ny tanora amin'izao fotoana izao tokoa mantsy ny basket-ball, aorian'ny baolina kitra sy ny baolina lavalava (rugby). Efa manana ny toerany eo amin'ny fifaninanana iraisampirenena ny mpilalao malagasy, izay mahatalanjona ny vahiny tokoa ny mahita ny fahaiza-manaon'ny Ankoay. Tsiahivina fa ity fifaninanana ity dia hitiliana ny mpilalao kalaza any anatin'ireny toeram-pampianarana ambony ireny no nanaovana azy tany am-piandohana (2023), kanefa dia tsy ho hita lisitra ny mpilalao tsy manana kara-pilalaovana federaly, eo anatrehan'ireo efa " matihanina " amin'ny filalaovana an'ity taranja ity raha misy " mersenera ".

**aris rafaly**

Kitra - PFL 2023/2024

# Lavon'ny ASF 6 no ho 0 ny ekipan'ny AJESAIA

Mitohy hatrany ny tsy fahombiazana ho an'ny AJESAIA Bongolava. Andro faha-5 nanaovana ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny « PFL 2023/2024», dia tamin'ny isa 6 no ho 0 no nanamontsanan'ny AS Fanalamanga Alaotra Mangoro ny ekipan'i Tanikatsaka. Nisaraka ady sahala 1 no ho 1 kosa ny CCFA sy ny Elgeco plus teny amin'ny kianja By Pass. Ny ekipan'Andoharanofotsy no nanakobana ny haraton'i Nina tamin'ny alalan'i Eliot (13 mn), ary nosahalain'i Dino (32 mn) tamin'ny « coup franc » nodakany, izay nahalavo tanteraka an'i Mika. Niondrika 1 no ho 0 tany an-jaridainany kosa ny Dato FC, raha nifanehitra tamin'ny Zanakala FC, izay mitarika amin'ny laharana voalohany vonjimaika any amin'ny « Conférence Sud ». Lavon'ny 3 FB Toliary 1 no ho 0 koa ny Inate FC Rouge, tany amin'ny kianjan'i Maître Kira. Toy izao ny voka-dalao sasany : Disciples FC (2) # Mama FC (0) – Kfca (0) # Uscafoot (1).

**a.r**

" Smatchin 2024 "

# Lasan'ny IUM sy ny U-MAGIS ny amboara

Tsy namelan'ny ekipa vehivavin'ny IUM sy ny lehilahin'ny U-MAGIS, raha tsy azony ny amboara tamin'ny andiany faha-10 amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Smatchin 2024 ", andiany faha-10, tamin'ny fifaninanana basket-ball natao ho an'ny mpianatry amin'ny ambaratonga ambony, teny amin'ny lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina. Teo amin'ny famaranana vehivavy dia tamin'ny isa tery 49 no ho 46 no nandresen'ny IUM ny ESSCA. IUM, izay vao sambany no nandray anjara tamin'ny fifaninanana, kanefa dia voahosotra ho tompondaka. Tamin'ny isa mazava 65 no ho 50 kosa no nandavoan'ny U-MAGIS ny ekipan'ny ESMIA, izay tsy afa-bela fa resin'ny mpifanandrina taminy ihany koa teo amin'ny famaranana tamin'ny taon-dasa. Efa nampoizina ihany izao voka-dalao izao, satria nisongadina hatrany ireo ekipa roa tonta ireo tamin'ny voka-dalao azony.

**a.r**



Nandrombaka avy hatrany ny amboara ! (Sary a.r)

Lomano

# Tsy hiato intsony ny fifaninanana ato anatin'ny faritra Analamanga



Tsy vahiny amin'ny tontolon'ny lomano ravehivavy ! (Sary : a.r)

Noho ny fihodinan'ny milina manafana ny rano tsy tapaka, eny amin'ny dobo filomanosan'ny " Academie Nationale des Sports " Ampefiloha amin'izao fotoana izao, dia azo atao tsara ny milomano amin'ny fotoanan'ny andro ririnina, izay efa antomotra tokoa. Araka izany dia manentana ny mpankafy ny taranja lomano, Rtoa Valisoaniaina Rasoanjanahary, fa tsy misy taona fotsy ny taom-pilalaovana 2024 ato anatin'ny Ligin'Analamanga tantaniny. Nentina nanombohana ny fifaninanana dia ny fiadiana ny tompondakan'ny tanora latsaky ny 18 taona tamin'ny faran'ny herinandro teo. Entina anohizana an'izany, hoy hatrany ny Filohan'ny Ligin'Analamanga, dia ny fiadiana ny tompondaka " OPEN " afaka iray volana, izay hanairany ny sain'ny mahay milomano rehetra hatrany handray anjara amin'ny fifaninanana. Marihina fa ato anatin'ny Ligin'Analamanga dia misy klioba 12, ary efa betsaka avy amin'ny " Section " azy

**aris rafaly**




**Orange** dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo **maison digitale 40** manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny **fahaleovan-tena ara-bola**.

GCL 775/15-5

orange™